



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana · Tahindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-188

**LANONAM-PAMARANANA NY FIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2021**

Fivoriana Faha-30
Natao ny
Zoma 17 Desambra 2021
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Zoma 17 Desambra 2021 tamin'ny 3 ora sy 50 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantsika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitspika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

- 2 -

- **Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitspika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena -**

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Andininy faha-206 ao amin'ny Fitspika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena: Ny Filoha no manambara ny fikatonan'ireo fotoam-pivoriana ara-potoana roa isan-taona eo amin'ny fifaranan'ny famaranana ny fivoriana farany voafaritry ny Diniky ny Filoha enimpolo andro aorian'ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana isanisany.

Vita, Ramatoa Filoha.

- KabarindRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiany ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsipika Anaty izay.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
 Andriamatoa Mpampakateny eo anivon'ny Antenimierandoholona;
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara namana hajaina;
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;
 Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
 Andriamatoa Talen'ny Kabinetra, misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;
 Ianareo mpandraharaha, namana, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena, izay tarihin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena;
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;
 Ianareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika etoana,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Amin-kafaliana hatrany no iarahabana antsika rehetra amin'ity anio ity.
 Maneho mandrakariva koa ny fisaorana sy fankasitrahana noho izao fanotronana ataonareo izao; na vahiny izany na tompon-trano. Koa isaorana Andriamanitra Ilay Tompo nahary, fa izy no nitantana sy nomba ka afaka mamarana miaraka sy nahavita soa aman-tsara iny fotoam-pivoriana iny isika. Nieren-doza isika ka tafahaona ampifaliana tao anatin'ny filaminana sy fitoniana.

Manarak'izany, miarahaba anareo mpikambana vaovao eo anivon'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana (CENI). Mirary anareo hahaleo hahasana amin'ny adidy lehibe masina sy sarotra iandraiketanao. Hipaka hahita ny tonony sy handidy hahita ny vaniny anie hianareo. Ianareo no hiantoka ny fahamarinana sy ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny fifidianana izay hifandimby.

Avelako eo ny amin'iny, fa hiroso toy ny mahazatra amin'ny tatitry ny asa vita nandritra iny fotoam-pivoriana iny isika:

- Volavolan-dalàna niisa folo (10) no tonga teto amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena. Ny sivy (9) tamin'izany no lany rehefa nasiam-panitsiana ny roa (2) izay nahatratra sivy (9). Ny iray (1) dia ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana sy ny fandaniana azy.
- Tolo-dalàna niisa valo (8) kosa no voaray, ka ny roa (2) tamin'izany no lany. Izy roa (2) ireo dia nasiam-panitsiana avokoa, ka nahatratra telo (3) izany. Nahemotra amin'ny fotoana manaraka kosa ny fandinihana ny Tolo-dalàna enina (6) ambiny.
- Tolo-pehin-kevitra niisa telo (3) no nakana fankatoavana ka, ny roa (2) tamin'izany no lany tsy nasiam-panitsiana. Ny iray (1) kosa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

Raha ny teo amin'ny asa hafa, ankoatry ny fandinihan-dalàna fanao andavan'andro dia bebe ihany izy ireo, ka hofintinina mba hifehezana ny fotoana.

Ny 13-14 Oktobra: Nanatanteraka varavarana misokatra tany Antsirabe ny Antenimierampirenena, izay nisian'ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny Solombavambahoaka sy ny firaisa-monim-pirenena, Vondrona HINA.

Ny foto-kevitra nodinihana nandritra izany dia ny anjara asan'ny Parlemantera sy ny firaisa-monim-pirenena manoloana ny fanatanterahana ireo voalazan'ny ODD mikasika ny aratsakafo.

Ny 26 Oktobra: Niatrika ny fifidianana izay ho solotenany eo anivon'ny CENI ny Antenimierampirenena, ka voafidy tamin'izany Andriamatoa HOUSSEN Abdallah.

Ny 28-29 Oktobra: nanatanteraka atrikasa teny amin'ny "Novotel"-Alarobia ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana eto amin'ny Antenimierampirenena, izay niarahana niasa tamin'ny PNUD sy ny "Fonds des Nations Unies pour la Consolidation de la Paix" (UNPBF).

Ny 3 Novambra: nanao ny tatitry ny asa vitany teto anatrehan'ny Solombavambahoaka ny SAFIMIN.

Ny 8-12 Novambra: notanterahina ny seminera nokarakarain'ny Antenimiera roa tonta niaraka tamin'ny "Assemblée Parlementaire de la Francophonie" izay nizara lohahevitra roa lehibe dia ny fandinihana ny lohahevitra mikasika ny demokrasia miatrika ny fanelezana vaovao diso ary ny faharoa dia nandinihana ny vina apetraky ny Fanjakana manoloana ny lalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany sy ny fampandraisana anjara ny vehivavy.

15 Novambra: fivorian'ny Vaomiera Maharitra Mitambatra teo anivon'ny FP-SADC mikasika ny fandinihana ny lalàna lasitra momba ny herisetra atao amin'ny mahalahy na mahavavy (VBG), izay natao tany "Johannesburg". Nanatrika izany fivoriana izany tamin'ny alalan'ny ampitain-davitra ny delegasiona malagasy.

Ny 17 Novambra: nifidy izay ho solotenany eo anivon'ny Vaomiera Malagasy misahana ny Hay Kajy Mirindra sy ny Fahalalahana na ny "Commission Malagasy de l'Informatique et de la Liberté" (CMIL) ny Antenimierampirenena. Lany nandritra izany ny Solombavambahoakan'i Fianarantsoa, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume.

Ny 17 Novambra ihany: nandray ny tatitry ny asa vitan'ny Birao Mahaleotena miady amin'ny Kolikoly (BIANCO), izay nataon'ny Tale Jeneraly ANDRIANIRINA Laza, nandritra ny taona 2020 ny Solombavambahoaka.

Ny 25-28 Novambra: nandray anjara tamin'ny «Foire Economique et Commerciale des 23 Régions» tao amin'ny Kianja Barea ny Antenimierampirenena.

Ny 26-30 Novambra: nanatrika ny fivoriamben'ny «Union Interparlementaire» (UIP), andiany faha-143 izay natao tany «Madrid» ny delegasiona malagasy, izay notarihin'ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta.

Ny 8 Desambra: nivoaka ny gazety boky Akon'ny Antenimierampirenena, laharana faha-15.

Ny 10-12 Desambra: fivoriana andiany faha-50 «Forum Parlementaire de la SADC», izay natao tamin'ny alalan'ny ampitain-davitra. Nanatrika izany ny Solombavambahoaka malagasy.

Tamin'ny 10 Desambra: fanehoana ho fantatry ny Solombavambahoaka ny drafitra sy tetikady fampandrosoana ny Antenimierampirenena (Plan Stratégique du Développement de l'Assemblée Nationale), izay efa novolavolaina tamin'ny taona 2019 ary ampiharina amin'ny 2020-2025.

Izay ny amin'iny, fa raha teo amin'ny fitsidihana ara-pomba ofisialy ny Filoha sy ny Birao Maharitra koa dia tena totoafon'ny, ka anisan'izany:

- Ramatoa Nadia FANTON «Directrice Afrique Australe et Océan Indien au Quai D'Orsay»,
- Ny Masoivoho avy amin'ny «République Fédérale d'Allemagne», Andriamatoa «Günter Leo OVERFELD»,
- Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, Andriamatoa Patrick RAJOELINA, nanao fitsidihana ara-pomba fifanajana.
- Ny Ambasadaoron'ny «Organisation Internationale de la Francophonie» aty amin'ny ranomasimbe Indianina, Andriamatoa «Leonard-Emile OGNIMBA».
- Ramatoa «Angélique NGOMA», « Présidente de la Commission Coopération et Développement de l'APF» sy Depiote'ny «Gabon» sy Ramatoa «Stéphanie KERBARH», Depiote'ny «France» ary Andriamatoa «Emmanuel MAURY», «Secrétaire Général Administratif de l'APF».
- Teo koa ireo birao vaovao ao amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena momba ny Zon'Olombelona na ny «Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme» (CNIDH) izay notarihin'ny Filohany.
- Ary farany, ny Minisitry Lefitra misahana ny Tanora, Ramatoa Juliana RATOVOSON, momba ny fametrahana ny parlamenta nasionalin'ny tanora na ny «parlement national des jeunes» (PNJ). Fantatra tamin'izany, fa harafitra ny fifanaraham-piarahamiasa na ny «convention tripartite» iarahana'ny Antenimierampirenena, ny Antenimierandoholona sy ny Minisiteran'ny Tanora. Hipetraka aorian'izany ny sata mifehy azy io, mba hialana amin'ny manjavozavo sy ny fanapahan-kevitr'olon-tokana.

Ny somary avahako kely dia ny 24 Novambra lasa teo, nitsidika anay Ramatoa AMBININTSOA July Diana Fandro, «doctorante» sy «chargée d'études» eto amin'ny Antenimierampirenena. Izy dia nahazo ny «prix Geoffrey-Dieudonné» tamin'ity taona 2021 ity.

Ny «prix Geoffrey-Dieudonné» dia fankasitrahana omen'ny «Assemblée Parlementaire de la Francophonie» isan-taona nanomboka ny taona 2016. Malagasy izany no nahazo azy tamin'ity taona 2021 ity. Fifaninanana eo amin'ireo Parlemanta maneran-tany, izay miteny manontolo na amin'ny ampahany ny teny frantsay. Ka ankasitrahana ny mpiasan'ny Antenimiera izay nilofo tamin'ny asany nandritra ny taona 2021 ary nandray anjara tamin'ny fampiroboroana ny fampiasana ny teny frantsay eo anivon'ny parlemanta.

Ary tsy ny kely indrindra, tontosa soa aman-tsara nandritra ny roa andro, ny fihaonan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka. Maro no voaresaka tamin'izany, fa ny anisan'ny nisongadina dia ny tokony handraisana fanapahan-kevitra amin'izay ny mikasika ny «Chef Fokontany» ary ny resaka Bokin'omby na ny (FIB) sy ny fisondrotry ny vidim-piainana amin'ny ankapobeny.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Ho fanajàna sy ho fampiharana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny Andininy faha-68 mikasika ny andraikitray parlemanta manoloana anareo Governemanta dia manao izao fanambarana izao izahay:

Amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena dia mankasitraka ny Governemanta izay tarihinao; amin'ny ankapobeny dia betsaka tokoa ny ezaka natao sy ny asa vita. Miroso hatrany ny fanatanterahana ny veliranon'ny Filohampirenena ary mbola mitohy tsy ankiato ny fametrahana fotodrafitrasa. Io dia tsy maintsy misy hatrany ny indro kely sy ny madilana hotentenina, ka manantena izahay fa amin'ny fiandohan'io taona vaovao io dia hilamina sy hirindra tsara amin'izay ianareo ao, ka ho foana ny disadisa madinidinika eo amin'ny departemanta izay voakasik'izany.

Navoitran'ny Solombavambahoaka izay nandritra ny fandalovanareo teto, ka tsy maintsy resahana ihany mba hisian'ny filaminana sy fitoniana ka ho aro riaka no apetraka mba tsy hihanaka lavitra ny resaka.

Tsy efa fotoana koa ve ankehitriny, mba hiakatra sehatra hodinihana amin'izay ny «Code Minier», fa miteraka fahabangana lehibe ara-toekarena ny mikasika azy io. Manoloana izany, angatahana ny fampiharana ny fehin-kevitra noraisina nandritra ny seminera nokarakarain'ny Antenimiera roa tonta niaraka tamin'ny «Assemblée Parlementaire de la Francophonie» mikasika ny fanafanana ny fampiatoana ny fahazahoan-dalana hitrandraka harena ankibon'ny tany. Fotoana koa angamba izao mba hanendrena ny Minisitira tompon-toerana sy ireo tomponandraikitra ambony ao amin'ny Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany.

Mikasika ny fidangan'ny vidim-piainana, tsy hoe fitiavana te-hanenjika akory sanatria ny nananganana ny Vaomiera Hanadihady ny momba izany, fa mahatsiaro manana adidy ny Solombavambahoaka mba ahafahana mamaly ny fitarainan'ny vahoaka.

Zava-misy tsy azo lavina ankehitriny koa sady mampalahelo, ny fangalarana ny zaza varira na zaza soba (albinos) ka potsirina ny masonry amin'ny fomba feno habibiana. Tokony hohentitra ny fampiharana ny sazy momba izany. Ireo dia tafiditra ao anaty lalàna «vol d'organe» ihany koa.

Mikasika ny asa lehibe natao teto dia iny LFI izay vao nolanihana iny, indreto misy teboka vitsivitsy mba tianay hazavaina sy hanolorana fankasitrahana:

Misy tokoa ny ezaka goavana misongadina ao: eo ny lafiny sosialim-bahoaka, ny fampianarana, ny fahasalamana, ny andavanandron'ny vahoaka. Porofon'izany dia nahatratra 731 Miliara Ariary be izao no natokana ho amin'izany.

Ao koa ny nametrahana "postes budgétaires" maro handraisana ho mpiasam-panjakana. Isaoranay sahadry ny fahefana Mpanatanteraka amin'izay ho fanomezana ny anjaran'ny Antenimierampirenena.

Tsapa koa fa nampitomboina ny tetibola mba ho fanatanterahana ny Velirano faha-10 momba ny Fiarovana ny Tontolo Iainana. Tsara ampahatsiahivana fa ny Filohampirenena Malagasy dia nanao fanambarana lehibe mikasika ny fahavononana hiaro an'izany tontolo iainana izany nandritra ny fandraisany fitenenana tamin'ny "Cop 26" tany "Glasgow" izay natao farany teo.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Mikasika ny Raharaham-pirenena:

Masiaka tonitony sy nafampana malefaka ny toe-draharaha ara-politika teo ho eo izay satria ao anatin'ny vanim-potoana fanomanana ny fiatrehana ny fifidianana indray ny firenena. Ny mpanao politika efa miomana amin'ny paikadiny hakana fahefana, fa ny andrana rehetra natao aloha hatreto dia mbola nandamoka avokoa satria nandray ny andraikiny ny fitondrana mahefa, ny manam-pahefana isan'ambaratongany. Iarahabana anareo izany; na izany aza dia tokony hikatsaka hatrany ny fanasitranana ireo mampaharary ny vahoaka ny tomponandraikitra eto amin'ny firenena ary foatoana izao iandrindran'ny vahoaka ny hanalana izany fanaintainany izany satria sao lasa otrik'afon'ampombo, ka mety hisy fiantraikany any aoriana.

Izay no zava-misy ankehitriny, fa tsy misy resaka hoe tsy fanajana demokrasia sy fanaovana didy jadona izany. Vatolahy tsy mihonjona ary teza mijoro tsy lavo no fanjakana azon'ny vahoaka ianteherana, fa raha fanjakana marefo dia tsy mahaaro azy. Ny fanjakana tan-dalàna kosa tsy maintsy tandrovana mandrakariva, fa soatoavina repoblikana tsy azo iadian-kevitra izany. Tanjona napetrakay Antenimierampirenena rahateo ny hisian'ny fifandimbiasam-pahefana ara-dalàna aorian'ny fifidianana.

Ry vahoaka Malagasy, Tompokolahy sy Tompokovavy; eto ampamaranana dia manana hafatra goavana ho antsika izahay amin'izao fiakaran'ny taona izao.

Mitaraina ny tany ankehitriny. Karakaina sy ringitra izy ary ory rano noho ny nataontsika ihany. Dorotanety sy setroka ary fandripan'ala no setrasetra nataontsika azy nandritra ny fotoana naharitra. Mizaka ny vokany isika ankehitriny, ka mila mandini-tena sy mandray andraikitra. Andao hataontsika vaindohan-draharaha amin'izany ny fikajiana ny tontolo iainana ary hatao hentitra ny fampiharana ny sazy ho an'izay minia manimba azy. Ny antsika izao efa andohalika ny ranom-bary ka zakaina, fa aoka mba hotsinjovina amin'izay ireo dimby sy taranaka mba hanana zo hiaina amin'ny tany maitso vonton-drano.

Ny hafatra manaraka: tsapa fa mitamberina sy mihamahazo vahana indray ankehitriny ny areti-mandoza "Covid-19". Koa manao antso ho an'ny vahoaka Malagasy sy ny Solombavambahoaka mba hanamafy hatrany ny fiarovan-tena sy ny fepetra ara-pahasalamana toy ny natao teo aloha.

Izay ary no tsy aritra ka mbola mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana antsika rehetra vory maro, tonga manotrana sy mamarana miaraka izao fotoam-pivoriana izao.

Mirary ny rehetra, indrindra ny vahoaka Malagasy mba hanao fety sambatra, hankalaza ampilaminana ny fahatsiarovana ny fahaterahan'ny Mesia sy handray an-karavoana ny taona vaovao 2022. Somary mafimafy iny taona nivalona iny, ka ho lasan'izay anie ny taolana, fa ny soa sy ny tsara kosa amin'izay no hiainantsika Malagasy manomboka izao.

Mankasitraka anareo naharitra nihaino ahy.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy. Samia ho tahian'Andriamanitra.

- Tehaka -

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompolahy sy Tompokovavy, ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2021 ity.

Mirary ny Solombavambahoaka rehetra, namana hajaina, mba ho tonga soa aman-tsara any Distrika iadidiantsika tsirairay avy mba hanatontosa antsakany sy andavany ny adidy apetraky ny vahoaka sy ny Lalàmpanorenana amin'ny fanaovana ny tatitra amin'ny vahoaka nifidy antsika.

Mirary soa ihany koa mba hotratran'ny fetin'ny asaramanitra isika rehetra.

Mifarana hatreto ny fivoriansika.

Misaotra Tompolahy;
Mankasitraka Tompokovy.

- Tehaka -

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

